



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivaviana • Tanindrazana • Fanarahana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Amboaran'ny tanora mpandraharaha 2018 : mamporisika ny tanora hanangana tetikasa sy andray anjara amin'ny asa fampandrosoana

Notontosaina androany 3 May 2019 tao amin'ny lapam-panjakana Ambohitsorohitra ny andiany faha 14 amin'ny amboara ho an'ny tanora mpandraharaha izay nokarakarain'ny BNI Madagascar ary natrehan'ny filoham-pirenena. Ity fifaninana izay karakarain'ny BNI Madagascar ity dia natao indrindra hanohanana sy hampiroboroboana ny fandraharahana indrindra ho an'ny tanora sy ny vehivavy malagasy. Ny nampivavaka an'ity andiany faha 14 ity dia ny amboara ho an'ny sokajy Startup sy Croissance +. Nahazo ny amboara tamin'ny sokajy Startup Rtoa Sanda ANDRIATONGA Rakotoson, mitantana ny Atelier Vatolahy izay mamokatra biriky vita amin'ny simenitra ao Fianarantsoa. Ity tetikasa ity dia hamorona asa, hamerina ny hasin'ny loharanon-karena any an-toerana ary hitondra fampandrosoana maharitra. Ny nahazo ny amboara Croissance + kosa dia Atoa. Liva Ferod NJIAMIZAKA filoha tale jeneralin'ny NLF Technology. Ity tetikasa ity kosa dia miompana amin'ny fampiasana ny angovo azo havaozina ao Ambilobe, amin'ny alalan'ny fanofanana fivarotana kits solaires.

Ny filoha Andry Rajoelina, izay nahazo ny amboara voalohany indrindra tamin'ny taona 2003, dia nankahery manokana ireo tanora mpandraharaha ireo tamin'ny risim-po sy ny faharetan'izy ireo tamin'ny fanatanterahana ny tetikasany. Nankasitraka manokana ny BNI Madagascar ihany koa ny tenany amin'ny ezaka ataony ho fanohanana sy fanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana ho an'ny tanora sy vehivavy Malagasy. Ny tanjona, hoy ihany izy, amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara, dia ny hanova ny toe-tsain'ireo tanora mba ho tia karokaroka sy hanangana ny orinasany ary andray anjara amin'ny asa fampivoarana ny firenena. Noho izany indrindra no nananganana ny tetikasa Fihariana izay programa nasionaly momba ny fandraharahana, ho an'ny tanora Malagasy. Manana petra-bola mitentina 50 tapitrisa euro ny tetikasa Fihariana, izay natao hanamora ny fitadiavam-bola amin'ny fananganana orinasa amin'ny alalan'ny fampindramam-bola 1 tapitrisa ka hatramin'ny 200 tapitrisa ariary.

Sampanandraharan'ny Serasera sy ny fifandraisana
03-05-2019